

SABATA 10 OKTOBRA – PROGRAMA FOLAKANDRO

Hampatsiahivin'ny mpitarika ny fotoana ireo hevi-dehibe nozaraina tamin'ny maraina (Andriamanitra mihaino, mahita ary mahatsapa ny zavatra hiainan'ny vahoakany ary maniry ny hanafaka azy ireo amin'ny fanagejan'ny fahavalo) aorian'izay dia miroso amin'ny vatsy araka ny aseho eto ambany izy.

Fampidirana

Hitantsika tamin'ny maraina tao amin'ny toko faha 3 ao amin'ny bokin'ny Eksodosy, voalohany ny fomba fahitan'Andriamanitra ny olony, fandrenesany ny antson'izy ireo ary tahaka ny ahoana ny fahatsapany ny fijaliany; faharoa, hitantsika ihany koa ny fomba niantsoany an'i Mosesy mba mba hanafaka azy ireo amin'ny fambaboan'ny Egyptiana.

Azontsika tamin'izany fa ilay roimemy mirehitra, dia entina maneho ny tsirairay avy amintsika izay voagejan'ny lelafon'ny fahoriana, ny alahelo, ny zava-tsarotra, ny fifandirana, hany ka heverintsika fa handoro antsika izy reny, kanefa tahaka ny niantsoan'ny Tompo an'i Mosesy teo anivon'ny afo, no iantsoany antsika eo anivon'ny afontsika koa mba hilazany amintsika fa fa tsy hamela antsika ho levon'io afo io na oviana oviana Izy.

Nomeny antsika io teny fikasana io, izay hitantsika ao amin'ny bokin'ny mpaminany Isaia:

Isa. 43: 2 “Raha mita ny rano ianao, dia homba anao Aho; Ary raha mita ny ony ianao, dia tsy hanafotra anao izy; Raha mandeha mamaky ny afo ianao, dia tsy ho may, Ary tsy hirehitra aminao ny lelafo”

Ny toko faha-4 dia mitantara amintsika ny resaka nifanaovan'Andriamanitra sy Mosesy ary ny toko faha-5 dia milaza ny amin'ny fihaonan'i Moesy sy Farao voalohany indrindra, izay tao aorian'io fihaonana io no vao maika nanamafisan'i Farao ny asa fanompoan'ny Hebreo.

Ao amin'ny toko faha-6, dia manamafy ny fanapaha-keviny handefa ny olony hiala any Egypta Jehovah, sy mampahatsiahy ny fifanekena izay nifanaovany tamin'i Abrahama sy Isaka ary

SABATA 10 OKTOBRA – PROGRAMA FOLAKANDRO

Jakoba, ary etsy an-danin'izay manome toky ihany koa an'i Mosesy, izay tsy nahatakatra ny antony nahatonga an'Andriamanitra tsy mbola nanafaka ny olony.

Ny toko faha-7 hatramin'ny faha-12 dia mitantara ireo loza namely ny Egipta, koa manasa anareo izahay amin'ity folakandro ity mba hampifantoka ny sainareo amin'ny fiafaran'izany tantaran'ny vahoakan'Israely izany, ka ny toko faha-12 no hodinihantsika manokana.

Vakiteny: Eks 12: 1–42

- 1- *Aorian'ny vakiteny izay ho ataon'ny mambra iray, dia ho zarazaraina ho antokon'olona maro maro ireo mpanatrika ny fotoana, ka 6-10 isaky ny antoko, arakaraka ny habetsak'ireo mpanatrika.*
- 2- *Hanendry mpanentana sy mpitan-tsoratra ny antoko isan'isany.*
- 3- *Ny mpitarika tsairairay dia ho zaraina an-tsoratra amin'ireo mpanentana tsirairay ny fanontaniana*
- 4- *Hisy fifanakalozan-kevitra mandritra ny 30 minitra isaky ny antoko.*
- 5- *Aorian'ny fotoana omena dia handroso eny aloha ny mpitan-tsoratra tsirairay ka hanome ny valitenin'ny antoko nisy azy avy.*

Fanontaniana

Rehefa voavaky ny toko sy andininy, dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

- 1- Inona ny zavatra ampianarin'io lahatsoratra io anao mikasika ny momba an'Andriamanitra?
- 2- Inona amin'ny endrika hisehoan'ny toetran'Andriamanitra no tsapanao fa tena manandanja?
- 3- Inona ny hevitrao mikasika an'i Mosesy, amin'ny maha solotenan'Andriamanitra azy teo anivon'ny vahoaka?
- 4- Inona amin'ireo toetra tsara nananan'i Mosesy
 - a. No hitanao fa hananan'ny pasitoranao?
 - b. Hirinao ho hananany?

SABATA 10 OKTOBRA – PROGRAMA FOLAKANDRO

- 5- Amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra anao, mahatsapa ho voakasik'io tantara io ve ianao, amin'ny fomba ahoana?

Teboka vitsivitsy manan-danja izay natao ho avoitr'ireo mpitarika aorian'ny tatitra ataon'ny antoko tsirairay:

Mikasika an'Andriamanitra:

- Ny fahatsapany ny fijaliana mianjady amin'ny vahoakany.
- Mampahafantatra ny vahoakany ny amin'ny fikasany Izy (Eks. 3) (tsy manao na inona na inona raha tsy efa nampilaza ireo mpaminany mpanompony) Amo. 3 : 7
- Ny fahatokiany. (Manatanteraka ny teny fikasana omeny Izy (Eks. 12 : 41) ho an'ireo izay mitoetra mahatoky ao Aminy 2 T. 2 : 13)
- Ny famindrampony. Ny fahafatesan'ireo lahimatoa (Eks. 12 : 12) no loza izay tokony namelezana an'i Egypta tany am-piandohana (Eks. 4 : 23). Ireo loza 9 voalohany dia vokatry ny famindrampon'Andriamanitra izay azon'i Faraonohararaotina. Eks. 34 : 6; Ps. 145:17

Mikasika an'i Mosesy

- Ny fanetren-tenany eo anolohan'Andriamanitra
- Ny fahari-pony nanoloana ireo fanakianana nataon'ny vahoaka (Eks. 5 : 19 – 22).
- Ny fahatokiany teo amin'ny fanatanterahana ny iraka nampanaovina azy. Nampitainy tamim-pahatokiana ireo hafatra nomen'Andriamanitra (Eks. 7 : 6; 12 : 21 – 28)
- Tsy nikely soroka izy na tamin'ny heriny na tamin'ny fotoanany
- Nahay niara-ory tamin'ny vahoaka (Eks. 6 : 22, 23)

Mikasika ny vahoaka

- Novonjena tamin'ny alalan'ny fankatoavany tanteraka. Raha tsy nametraka ilay rà teo amin'ny tsatoka sy teo amin'ny tolam-baravarana (Eks. 12: 7, 8) izy ireo dia tsy voavonjy. Raha tsy nametraka ilay rà afa-tsy teo amin'ny tolam-baravarana, na teo amin'ny iray amin'ny tsatokam-baravarana fotsiny izy ireo, dia tsy ho voavonjy satria Andriamanitra dia nilaza fa eo amin'ny tsatokam-baravarana roa no anaovana izany.

SABATA 10 OKTOBRA – PROGRAMA FOLAKANDRO

- Marihana koa fa ilay zanak'ondry dia natao hohanina isam-pianakaviana na miaraka amin'izay mpifanolo-bodirindrina akaiky indrindra (Eks. 12: 4). Izany dia entina hilazana fa ny fifandraisana eo amin'ny samy mambran'ny fianakaviana izay tokony ho tsara sy entina hilazana fa tsy anjaran'izy ireo ny mifidy izay ho mpifanolo-bodirindrina aminy; voalaza fa izay mpifanila-trano akaiky indrindra; izany dia entina hilazana ihany koa fa ny fifandraisana eo amin'ireo mpifanila-trano dia tokony ho tsara, satria sarotra dia sarotra ny hivory avy hatrany hiaraka amin'ny fianakaviana na hiaraka amin'ny mpifanolo-bodirindrina raha 4o aka ratsy ny fifandraisana eo amin'izy ireo.

Ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny olony amin'izao ankehitriny izao

- Hanafaka ny olony avy ao amin'ilay Egypta môderina mba hitondra azy ireo ao amin'ilay Kananan'ny lanitra. Nampanantena Izy (Jn. 14: 1 – 3) fa ho avy indray!

Famaranana

Mba handovana izany teny fikasana izany, ireo vahokan'Andriamanitra amin'izao fotoana izao, tahaka ny tamin'ny andron'ny Zanak'Israely fahiny dia tokony :

- Haneho ny finoany amin'ny alalan'ny fankatoavana
- Hanana fifandraisana tsara eo amin'ny samy mpianakavy sy amin'ny olona hafa mba ho famonjena azy ireo.